REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana • Tanindrazana • Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

Morondava: hahazo tsena vaovao ny mponina ary mitohy ny fanamboarana ny kianja manara-penitra

Nigadona tao Morondava ny filoha Andry Rajoelina omaly harivan'ny 23 may 2019 ary nanohy ny fitsidihany ao an-toerana ny marainan'ny 24 may 2019. Tahaka ny tany amin'ny faritra rehetra nandalovany dia nihaona sy nihaino ny vahoakan'i Morondava ny Filoham-pirenena. Nipetraka hatrany amin'ny maha raimandreny azy izy ary nandroso vahaolana mahakasika ny fifamoivozana eo an-tampon-tanàna izay nanahirana ny vahoaka. Io maraina io dia nitsidika ny tsena ny filoha Andry Rajoelina araka ny fangatahan'ny mponina izay maniry hanana tsena manara-penitra. Nanome toromarika noho izany ny Filoham-pirenena fa hananganana tsena vaovao eo an-toerana ary hanomboka afaka iray volana ny asa. Nitsidika ny kianja manara-penitra ihany koa ny tenany niaraka tamin'ireo tompon'andraikitra ao amin'ny orinasa manao ny asa fanamboarana. Nanome toromarika manokana ihany koa ny Filoham-pirenena ny amin'ny hanaovana fotodrafitrasa mafy sy maharitra. Nandritra izany fitsidihana izany ihany koa, dia niresaka tamin'ireo mpianatra avy ao amin'ny lalam-piofanana BTP ao an-toerana ny filoha Andry Rajoelina ary nanaiky ny fangatahan'izy ireo mba handray anjara amin'ireo asa maro ho atao amin'ny tanàn'i Morondava.

Sampandraharahan'ny Serasera sy Fifandraisana
24-05-2019

.